NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

# Fisoratana anarana ho an'ny Seminera

Safidy samihafa amin'ny fisoratana anarana ho an'ny Seminera: (1) fenoy ity taratasy ity na (2) manorata anarana en ligne ao amin'ny seminary.lds.org/register.

***Fanamarihana:*** Ireo mpianatra izay manaraka fandaharam-pampianarana seminera mandritra ny ora nahazoana lalana tsy ianarana any an-tsekoly dia tsy maintsy mampiditra ny fotoana nahazoany lalana ao amin'ny fandaharam-potoany any an-tsekoly.

**Mombamomba ny Mpianatra** Soraty mazava tsara amin'ny sora-boky.

| | | | |
|---|---|---|---|
| Anarana (fanampin'anarana, anarana) | Anarana fiantsoana | Fiteny tiana indrindra | |
| Daty nahaterahana (andro, volana, taona) | Paroasy na Sampana | Tsatòka na Distrika | |
| Vavy sa lahy<br>☐ Lahy ☐ Vavy | Finoana<br>☐ OAF ☐ Hafa | Kilasy any an-tsekoly amin'ny taona manaraka | Fanatrehana seminera sy kilasy any an-tsekoly |

**Mombamomba ny olona voalohany tokony hifandraisana (ray aman-dreny na mpiahy)**

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Anarana feno (fanampin'anarana, anarana) | Adiresy email | | | |
| Adiresy paositra | Tanàna | Faritany | Mari-pamantarana amin'ny Paositra | Firenena |
| Laharan'ny Telefaonina ao an-trano | Laharan'ny Finday | Telefaonina any am-piasana | | |
| Laharana fandefasana sms | Laharana fandefasana sms eo amin'ny firenena | Fomba tiana hifandraisana<br>☐ An-trano ☐ Fiasana ☐ Finday ☐ Sms ☐ Email ☐ Tsy hifandraisana | | |

**Mombamomba ny olona faharoa tokony hifandraisana (ray aman-dreny na mpiahy)**

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Anarana feno (fanampin'anarana, anarana) | Adiresy email | | | |
| Adiresy paositra | Tanàna | Faritany | Mari-pamantarana amin'ny Paositra | Firenena |
| Laharan'ny Telefaonina ao an-trano | Laharan'ny Finday | Telefaonina any am-piasana | | |
| Laharana fandefasana sms | Laharana fandefasana sms eo amin'ny firenena | Fomba tiana hifandraisana<br>☐ An-trano ☐ Fiasana ☐ Finday ☐ Sms ☐ Email ☐ Tsy hifandraisana | | |

**Fanaovana sonia** Ny fanaovanao sonia eo amin'ity taratasy fisoratana anarana ity dia midika fa manaiky ny fifanarahana etsy ambany ianao.

| | |
|---|---|
| Mpianatra | Daty |
| Ray aman-dreny (na mpiahy) | Daty |

## Fifanarahana

### Fanomezan-dalana handray anjara amin'ny seminera

Tombontsoa ny fandraisana anjara amin'ny seminera, ary mandray anao an-tanan-droa izahay. Ianao sy ny zanakao (izay miaraka antsoina hoe "ianao" ato amin'ity taratasy ity) dia manaiky sy manome lalana ny fandraisana anjara ao amin'ny fifanakalozan-kevitra ao amin'ny seminera, fiaraha-mientana, sy kilasy, ka ao anatin'izany, raha toa ka misoratra anarana ao amin'ny seminera mandritra ny ora nahazoana lalana tsy ianarana any an-tsekoly ianao, ho an'ny fotoana iray mandritra ny andro fianarana. Ianao dia manaiky ny hanaraka ireo fitsipiky ny seminera (ao anatin'izany ny fepetra takina amin'ny fanatrehana tsy tapaka sy ara-potoana ny kilasy) ary manaiky koa fa ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara, izay sampan-drahararahan'ny Corporation of the President of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, sy ireo rafitra mijoro ara-dalàna mikambana ao aminy (izay miaraka antsoina hoe "izahay" ato amin'ity taratasy ity) dia tsy tompon'andraikitra amin'izay mety ho fahavoazana noho ny tsy fanarahanao an'ireo fitsipika ireo.

### Lalàna mifehy ny tsiambaratelo momba ny mpianatra

Ianao dia manaiky fa izahay dia afaka manangona sy mikirakira ny mombamomba anao manokana avy amin'ity taratasy fenoina ity sy avy amin'ny firaketana ny maha-mpikamban'ny Fiangonana anao (raha mpikambana ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ianao) ho an'ny tanjona izay mifandray amin'ny fisoratanao anarana sy ny fandraisanao anjara amin'ny seminera sy hamaliana ireo fanontaniana na hamahana ireo olana izay mety hitranga raha mbola ao amin'ny seminera ianao. Ianao dia mahatakatra fa mety halefa any amin'ny foiben'ny Fiangonana any Etazonia, ny mombamomba anao manokana, ka manaiky izany ianao, raha ilaina. Mety hotazonina amin'ny fotoana tsy misy fetra ho anisan'ny ao anatin'ny firaketana maharitra ny tantaran'ny Fiangonana ny mombamomba anao manokana. Tsy hamidinay na oviana na oviana ny mombamomba anao. Mampiasa fitsipika ara-teknika sy araka ny lamin'asa izahay mba hiarovana ireo fampahalalana momba ny tena manokana izay voarainay mba tsy ho very na hisy hampiasa amin'ny fomba tsy mety na misy hanova nefa tsy nahazo lalana hanao izany ary mba hitsinjovana ny maha-tsiambaratelo izany.

Asa fikarohana sy fanadihadiana: Raha toa ka angatahina mba handray anjara amin'ny asa fikarohana sy fanadihadiana ianao dia mahatakatra fa an-tsitrapo tanteraka ny fandraisana anjara ary afaka miala amin'izany ianao amin'ny fotoana rehetra. Ny fampahalalana rehetra momba ny

© 2019 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. 2/19. 2/19. *Seminary Registration.* Malagasy. PD50048392 654

tena manokana izay omenao mandritra ilay asa fikarohana (ohatra: ny adiresy email na ny laharan'ny finday) dia tsy ho ampiasaina raha tsy hifandraisana aminao mikasika ny fandraisana anjara amin'ny asa fikarohana na fanadihadiana hatao any aoriana any ihany. Afaka misafidy ny tsy handray ny fiantsoana toy izany ianao.

**Fanomezan-dalana hampiasa sary**

Indraindray izahay dia mety hanao horonan-tsary na haka sary anao mba ho ampiasaina amin'ny seminera. Mety ho tafiditra ao anatin'ny fampiasana izany, nefa mety tsy ho voafetra amin'izany ihany, ireo fiaraha-mientana momba ny fampianarana ampitain-davitra, fampiofanana ny mpampianatra, ary ireo sary na horonan-tsary ao amin'ny boky avoaka isan-taona, takariva amorom-patana, toerana fametrahana filazana, tranonkala na tambazotran-tseerasera. Noho io antony io, ianao dia hanome sy hanolotra anay tanteraka ny zo sy ny fahazoan-dalana mba hampiasa sy—amin'ny fotoana, isa, fiteny, toerana, sy/na amin'ny fomba (tafiditra ao anatin'izany ireo fomba fampitam-baovao izay mbola tsy fantatra ankehitriny sy mbola ho avy) tsy voafetra—hanao tahadika, hanaparitaka, hampiseho, haneho, hanamboatra asa vaovao avy amin'izany, na hanome fanomezan-dalana ny olona hafa hampiasa ireo sary na firaketana an-tsary misy anao mba ho ampiasaina amin'ny seminera. Ianao dia manome lalana anay ny hampiasa na hirakitra ny anaranao, ny feonao, ny sarinao, ny endrikao ivelany ary ny fanehoana talenta. Manome lalana anay ianao ny hanao dinidinika aminao sy hirakitra an-tsary ny fanaovana dinidinika aminao; ny handika, ny hanao tahadika, ny hampifanaraka, ny hanamboatra, ary ny hamintina izay firaketana an-tsary ho ampiasaina, araka izay hitanay fa mahamety izany. Ianao dia manome lalana ny famokarana, ny famarotana, ny zon'ny mpamorona, ny fampirantiana, ny fampitana, ny fitehirizana ara-elektrônika, sy/na ny fanaparitahana ireo sary na horonan-tsary tsy misy fetra, araka izay hitanay fa mahamety izany. Amin'ny alalan'ity taratasy ity ianao dia manala anay amin'izay andraikitra rehetra avy amin'ny fampiasana sy famoahana toy izany, ka tsy mitaky ny zo hahazo vola mikasika izay rehetra voalaza tetsy aloha.

**Fitsipika momba ny fampiasana ny zavatra ao amin'ny internet sy en ligne**

Izahay dia manome loharanom-pitaovana elektrônika maro mba hahafahanao mandray anjara amin'ny seminera. Afaka manapa-kevitra ianao na hampiasa ireo loharanom-pitaovana ireo na tsia, fa raha mampiasa izany kosa ianao dia manaiky ireto fepetra manaraka ireto:

Rehefa mitsofoka amin'ny internet ianao ka mampiasa ireo tranonay, fitaovanay, na teknôlôjia sans-fil izay anay, dia mety hanangona fampahalalana avy amin'ny navigateur internet izay anao izahay. Mety ho tafiditra amin'izany fampahalalana izany ny adiresy IP izay anao, ny karazana navigateur ampiasainao, ny système d'éxploitation (rafitra mampandeha solosaina) ampiasainao, ny fiteny tianao, izay mety ho takelaka tao amin'ny tranonkala avy notsidihinao rehetra talohan'ny nitsidihinao ny tranonkalanay, ny daty sy ny oran'ny fitsidihana tsirairay,ary ireo fampahalalana izay tadiavinao ao amin'ny tranonkalanay. Mampiasa cookies sy sary tsy hita maso amin'ny endrika GIF koa izahay mba hanangonana fampahalalana amin'ny internet. Azonao ovaina ny firafitry ny navigateur internet ampiasainao mba hampitsaharana ny fanekena cookies na mba hampandrenesana anao alohan'ny hanekena cookie iray avy amin'ireo tranonkala izay tsidihinao. Kanefa, raha amboarinao ny navigateur ampiasainao tsy hanaiky cookies na sary tsy hita maso amin'ny endrika GIF, dia mety tsy ho afaka hampiasa ny fizarana na ny fandaharana (fonctions) sasantsasany ao amin'ny tranonkalanay ianao.

Ireo tranonkala, logiciel, votoatiny, solosaina foibe sy ireo teknôlôjia ary fitaovana hafa izay ampiasainay mba hanomezana ny fandaharam-pampianarana seminera ("Seminary Tools") dia anay na nahazoanay fahazoan-dalana sy ampiasainay. Mety arahinay maso ireo fifandraisana rehetra (email, sms, tambazotra ifaneraserana, sy ny sisa) izay mampiasa ny Seminary Tools na atao ao amin'izany noho ireo votoatiny tsy mendrika na tsy ara-dalàna ka mety handefa izany any amin'ny mpitarika ara-pivavahana na manam-pahefana mpampihatra ny lalàna, raha ilaina, mba hiarovana ireo mpianatra sy ho tombontsoan'ny Fiangonana. Manaiky io fanaraha-maso sy fampitana io ianao. Na dia mety hanara-maso ireo fifaneraserana sasany aza izahay, dia tsy afaka ny hanara-maso ireo fifaneraserana rehetra. Tsy azo antoka ny fifaneraserana elektrônika. Tsy manome antoka anao izahay fa tsy hisy handefa hafatra tsy ilaina, boky, virus na logiciel mpisompatra hafa any aminao. Ireo hafatra izay tsy mendrika ny votoatiny dia mety hofafana tsy misy fampahafantarana ka mety tsy ho alefa any amin'ny mpandray azy izany. Ianao dia manaiky fa tsy handefa na hamerina handefa ireo hafatra feno fahavetavetana, manala baraka, tsy ara-dalàna na feno fankahalana, na tsy manaja ny zon'ny hafa na manitsakitsaka izany. Ny Seminary Tools dia tsy azo ampiasaina raha tsy amin'ny fifaneraserana amin'ny mpianatra hafa, mpampianatra, ary ireo mpitarika ara-pivavahana fotsiny ihany mikasika ireo lohahevitra sy hetsika mifandray amin'ny filazantsara. Tsy azonao atao ny misintona, mamerina manaparitaka, na mametraka (ohatra: amin'ny YouTube na Facebook) ny lahatsoratra, sary, feo na horonan-tsary rehetra avy amin'ny Seminary Tools.

Izahay dia tsy tompon'andraikitra amin'ny fahasimbana (ka ao anatin'izany ny fahaverezan'ireo tahirin-kevitra) vokatry ny fampiasanao na ny tsy fahafahanao mampiasa ny Seminary Tools na ny fitaovana na hafatra hafa izay nomena tao, na avy amin'ny mpampiasa hafa na avy amin'ny tranonkala misy rohy. Ny Seminary tools dia omena "araka izay toetrany eo." Izahay dia tsy tompon'andraikitra amin'izay mety ho antoka, na voalaza mazava izany na tsia, tafiditra ao anatin'izany ny fifanarahana fa ho arovana ny fizakam-pananan'ny mpividy sy ny fampanantenana ateraky ny fampiharana ny lalana fa hifanaraka amin'izay tanjona namarotana azy ny zavatra iray namidy. Izahay dia tsy manome antoka fa tsy ho tapaka na tsy hisy tsy fetezana ny zavatra ampiasaina ao amin'ny seminary tools, na ho voahitsy izay mety ho tsy fetezana, na koa hoe tsy misy virus na zavatra hafa mety hanimba zavatra ireo tranonkala na ny solosaina foibe izay mampandeha azy.

**Zavatra samihafa**

Ianao dia tompon'andraikitra amin'ny fanarahana ireo lalàna sy fitsipika rehetra eo amin'ny faritra misy anao, kanefa ity fifanarahana ity dia eo ambany fifehezan'ny lalàn'ny Fanjakan'i Utah, Etazonia Amerika, ka tsy mandika na manitsakitsaka izay mety lalàna hafa. Na inona na inona fitoriana any amin'ny fitsarana ataonao mba hahafahana mampihatra ity fifanarahana ity na izay mety mifandray amin'ny seminera dia ho entina na eo anatrehan'ny fitsarana mahefa an'ny fanjakana na ny fitsarana federaly izay ao amin'ny Distrikan'i Salt Lake, Utah, Etazonia ary ianao dia manaiky ary maneho etoana ny fankatoavanao ny fahefan'izany fitsarana izany. Raha misy andininy amin'ity fifanarahana ity izay tsy mifanaraka amin'ny lalàna, na tsy manan-kery na tsy azo ampiharina manontolo, na amin'ny ampahany, dia tsy ho voakasik'izany ireo andininy hafa rehetra, raha tsy hoe voamarinay angaha fa ampahany tena iankinan'ity fifanarahana ity ilay andininy, tsy manan-kery na tsy azo ampiharina, ary amin'izay tranga izay dia azonay atao ny manapa-kevitra ny hanisy tovana amin'ity fifanarahana ity.

Raha manana fanontaniana na olana mikasika ity fifanarahana ity ianao dia alefaso email ny olanao any amin'ny siregistration@ldschurch.org, na miresaha amin'ny mpitantana ny seminera eo an-toerana.



2/19. PD50048392 654